

Sitraka Randrianjatovonarivo / FID

**Agir pour le bien-être durable des communautés**

*Miasa ho an'ny fihatsaram-piainana maharitry ny mpiara-belona*

30 taona

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

Direction Générale : Lot III M 39 Ouest Ambohijanahary - Antananarivo 101, Madagascar (+261) 20 22 361 50 dirgen@fid.mg www.fid.mg



© FID

# Le FID

Créé en 1993, le Fonds d'Intervention pour le Développement – FID est une **association privée reconnue d'utilité publique**.

Intervenant majeur dans le secteur du développement communautaire et social, le FID soutient principalement les communautés vulnérables.

Il est **rattaché à la Primature**. Sa mission est de mobiliser des financements pour **contribuer au développement économique et social au niveau local**.

Les **interventions** du FID sont **multi-sectorielles** et l'association travaille en synergie avec différentes entités, gouvernementales et non gouvernementales. Il est un **partenaire de confiance** des Gouvernements successifs, des partenaires techniques et financiers, nationaux et internationaux, ainsi que des communautés.

Les **valeurs** prônées par le FID sont intrinsèques à la bonne gouvernance : ***intégrité***, ***transparence***, ***redevabilité sociale***, ***responsabilité*** et ***équité***.

*Ny Fonds d'Intervention pour le Développement – FID dia **fikambanana tsy miankina miasa ho an'ny tombotsoan'ny mpiara-belona** izay niforona ny taona 1993.*

*Mpiantsehatra amin'ny fampandrosoana ny vondrom-piarahamonina eny ifotony izy ary manohana indrindra ireo vondrom-piarahamonina marefo.*


***Eo ambany fiadidian'ny Praiministra** ny FID ary voairaka hampiasa ny famatsiambola ho an'ny **fampandrosoana ara-toekarena sy ara-piarahamonina eny ifotony**.*

*Mahakasika **sehatra marolafy** ny asa tanterahiny ary miara-miasa amin'ireo rafi-panjakana sy rafitra tsy miankina izy. **Rafitra atokisan'**ireo governemanta nifandimby, ireo mpiara miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, eto an-toerana sy iraisam-pirenena, ary indrindra ireo vondrom-piarahamonina izy.*

*Ny **soatoavina** voizin'ny FID dia mifototra indrindra amin'ny fitondrana tsara tantana : **fahitsiana**, **fangaraharana**, **tamberin'andraikitra**, **fandraisan'andraikitra** ary **fitandroana ny hitsiny.***

L'expertise et l'engagement du FID
sur le territoire national en 2023.

*Ireo asa tanterahin'ny FID*
*eto amin'ny firenena ho an'ny 2023*





Les programmes de Filets Sociaux de Sécurité, ***Asa Avotra Mirindra***, ***Vatsin'Ankohonana***, ***Fiavota***, ***Mijoro*** et ***Milofo***, sont coordonnés par le Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme.

Les principaux partenaires sont le Ministère de l'Education Nationale, Ministère de la Santé Publique, Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage ; le Ministère de l'Environnement et du Développement Durable et l'Office National de la Nutrition.

*Ireo fandaharanasa Haraton'aina, **Asa Avotra Mirindra**, **Vatsin'Ankohonana**, **Fiavota**, **Mijoro** ary **Milofo**, dia tanterahina eo ambany fandrindran'ny Ministeran'ny Mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy.*

*Ireo mpiara-miasa amin'izany dia ny Ministeran'ny Fanabeazana fototra, ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny Ministeran'ny Fambolena sy fiompiana, ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovainjafy ary ny Ofisim-pirenena momba ny fanjarian-tsakafo.*



ASA AVOTRA MIRINDRA

# Les Filets Sociaux Productifs

## *Haraton'aina ho an'ny famokarana*




***Asa Avotra Mirindra*** est un programme de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité.

Il propose des **travaux rémunérés** aux communautés les plus vulnérables pour **améliorer la productivité locale** et **préserver l'environnement**.

*Asa Avotra Mirindra* renforce les capacités productives des acteur-bénéficiaires à travers des formations techniques sur les pratiques agricoles améliorées. Ces compétences leur permettent de **diversifier leurs moyens de subsistance**, favorisent la **sécurité alimentaire** et l'**inclusion économique**.

Les **actions de développement**, ou mesures d'accompagnement, améliorent durablement leurs conditions de vie.

***Asa Avotra Mirindra** dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa Haraton'aina.*

*Manome **asa atakalo vola** ho an'ireo vondrom-piarahamonina tena marefo izy mba **hanatsarany ny famokarana eny ifotony** ary **hitandroany ny tontolo iainana**.*

*Asa Avotra Mirindra dia manamafy ny fahafahan'ireo « mpisitraka mandray andraikitra » mamokatra amin'ny alalan'ny fampiofanana ara-teknika momba ny fambolena sy fiompiana nohatsaraina. Izany fahaiza-manao izany dia manome fahafahana azy ireo **hanana karazana asa fivelomana** ary hiantoka ny **fahampiana ara-tsakafo** sy ny **fampiatiana ara-toekarena**.*

*Ireo **hetsika fampivoarana**, na tantsoroka, dia manampy amin'ny fihatsarampiainana maharitra.*

**150.000**
ménages bénéficiaires,
de 2016 à 2023,
dans **11** Régions,
**23** districts, **206** communes

**60%**
**des bénéficiaires** ont adopté des **pratiques agricoles plus productives** et **plus durables**

**6.230.000**
pieds d'arbres produits

**2.300ha**
de surface **reboisée**

**1.100ha**
de surface **irriguée** et **drainée**





" Grâce à *Asa Avotra Mirindra*, j'ai pu apprendre à nouveau. Je ne savais ni lire ni écrire. Maintenant, je sais écrire mon nom et faire des calculs basiques, ce qui m'aide beaucoup dans mes activités économiques. "

*" Noho ny Asa Avotra Mirindra dia afaka nianatra indray aho. Sady tsy nahay namaky teny no tsy nahay nanoratra aho taloha. Efa haiko izao ny manoratra ny anarako, mahay manao kajikajy tsotra koa aho, izay tena manampy amin'ny asa fivelomako. "*

**Alphonsine, 50 taona, bénéficiaire de**
***Asa Avotra Mirindra***
**Ambondrona, Isandra**



" Avec mes problèmes de santé, j'ai eu des difficultés à trouver de l'emploi et à payer mes soins. Aujourd'hui ma santé s'est nettement améliorée et je peux subvenir à mes besoins. "

*" Sahirana aho nitady asa noho ny aretina izay nitaiza ahy. Ankehitriny, rehefa nisitraka ny Asa Avotra Mirindra dia afaka nivelona tsara, nihatsara ihany koa ny fahasalamako. "*

**Dadanaivo, 64 ans, bénéficiaire de**
***Asa Avotra Mirindra*,**
**Fonenana Imerintsiatosika.**



" *Asa Avotra Mirindra* m'a aidée à améliorer notre quotidien et le bien-être de ma famille. J'en prends mieux soin.Nous avons appris à jouer et à éveiller nos jeunes enfants, je leur fabrique même leurs jouets. "

*" Tena nanampy anay amin'ny fanatsarana ny fiainanay ny Asa Avotra Mirindra. Nihatsara ny fifandraisanay sy ny fomba fanabeazana ireo zanakay. Izahay ihany izao no manamboatra ny kilalaon'izy ireo. "*

**Haingonirina, bénéficiaire de**
***Asa Avotra Mirindra*, Ambondrona, Isandra**

# Le transfert monétaire pour le développement humain
## *Vatsy ara-bola ho an'ny fampiroboroboana ny maha olona*

***Vatsin'Ankohonana*** et ***Fiavota*** sont des programmes de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité.

Ils fournissent un **soutien aux revenus** des familles les plus vulnérables pour **stimuler la consommation**, la **sécurité alimentaire**, la **nutrition** et le **capital humain**.

*Vatsin'Ankohonana* et *Fiavota* exigent la fréquentation de l'école primaire pour les enfants de 6 à 14 ans. Ils **facilitent l'accès des ménages acteur-bénéficiaires aux services sociaux de base** (santé, nutrition, ...) et leur permettent de développer des moyens de subsistance durables grâce aux **actions de développement** ou mesures d'accompagnement.




**150.000**
ménages bénéficiaires
de ***Vatsin'Ankohonana***,
de 2016 à 2023,
dans **8** Régions, **18** districts,
**149** communes

**92.600**
ménages bénéficiaires de ***Fiavota***,
de 2016 à 2023,
dans **2** Régions, **8** districts,
**55** communes



**170.000**
enfants scolarisés
avec un taux d'assiduité à **96** %

***Vatsin'Ankohonana*** *sy* ***Fiavota*** *dia fandaharanasa fiahiana mpi-ara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa Haraton'aina.*

*Izy ireo dia* ***manampy ny fidiram-bola****n'ireo ankohonana tena marefo ho* ***fanohanana ny fahafahana manjifa****, ny* ***fahampiana ara-tsakafo****, ny* ***fanjariantsakafo*** *ary ny* ***fototra maha olona****.*

*Vatsin'Ankohonana sy Fiavota dia mitaky ny fandefasana ireo ankizy 6 hatramin'ny 14 taona any an-tsekoly ambaratonga fototra.* ***Manamora ny fahafahan'ireo ankohonana « mpisitraka mandray andraikitra » hahazo ireo tolotra fototra ara-tsôsialy*** *(fahasalamana, fanjariantsakafo, ...) izy ireo ary manome fahafahana azy hampiroborobo asa fivelomana maharitra amin'ny alalan'ireo* ***hetsika fampivoarana****.*




" Notre vie a radicalement changé. Si au début, l'agriculture nous permettait seulement de survivre, aujourd'hui, c'est devenu un moyen pour subvenir aux besoins de notre famille. Grâce aux nouvelles techniques agricoles enseignées, nos rendements se sont améliorés. "

*" Niova ho amin'ny tsara kokoa ny fiainanay. Tany am-boalohany ny asa fambolena nataoko dia ho an'ny sakafo ilaina isan'andro. Ankehitriny, afaka atao asa fivelomana mihitsy izany. Mampiasa ireo teknikam-pambolena vaovao izahay ka tena nihatsara ny vokatra. "*

**Voatsambiny, 60 ans, bénéficiaire de *Fiavota***




" Je peux scolariser mes enfants dans une école privée ! Grâce à *Vatsin'ankohonana*, j'ai acquis de nouvelles connaissances qui m'ont permis de développer nos activités dans l'élevage. "

*" Afaka mandefa ny zanako any amin'ny sekoly tsy miankina aho ! Noho ny Vatsin'ankohonana dia nahazo fahalalana vaovao aho, izany dia nahafahako nampivelatra ny asa fiompiana hamelomako ny ankohonako. "*

**Soa Marie Jeannette, bénéficiaire de *Vatsin'Ankohonana***
**Tsangambato, Mahanoro**




" Aujourd'hui, notre famille se porte vraiment mieux. Ce dont je suis le plus fière c'est notre livret de famille. Nous avons régularisé nos documents civils, nous sommes de vrais citoyens ! "

*" Mihatsara kokoa ny fiainan-tokantranonay ankehitriny. Ny tena reharehako dia ny fanananay bokim-pianakaviana. Vita ny taratasim-panjakana, tena olom-pirenena izahay ! "*

**Zina, bénéficiaire de *Vatsin'Ankohonana,***
**Ampasikibo, Toliara II**

**MIJORO**
Vatsy sy tantsoroka

**MILOFO**
Asa sy tantsoroka

# Les Filets Sociaux Urbains

## *Haraton'aina an-tanan-dehibe*

**30.000**
ménages bénéficiaires, des Filets Sociaux Urbains dont **28.000** ménages bénéficiaires de **Mijoro** et **2.000** ménages bénéficiaires de **Milofo**

**3**
communes urbaines



***Mijoro*** et ***Milofo*** sont des programmes de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité. Il s'agit de **programmes pilotes** à l'endroit de ménages vulnérables en **milieu urbain.**

- ***Mijoro*** fournit un paquet de soutien à travers des transferts monétaires inconditionnels avec des mesures axées sur le **développement humain**. Le programme s'adresse aux ménages vulnérables avec de jeunes enfants et à ceux sans capacité de travail.
- ***Milofo*** consiste en une expérimentation à petite échelle d'interventions de travaux publics et d'**inclusion productive**. Il offre l'opportunité à certains ménages pauvres d'accéder à des revenus supplémentaires et de **développer des activités productives durables**.

Les Filets Sociaux Urbains, grâce aux **actions de développement** ou mesures d'accompagnement, favorisent l'accès des ménages acteur-bénéficiaires aux services existants ainsi qu'aux opportunités économiques leur permettant d'**améliorer durablement leurs conditions de vie**.

***Mijoro*** *sy* ***Milofo*** *dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa Haraton'aina.* ***Fandaharanasa santatra*** *izy ireo ho an'ireo ankohonana marefo an-tanan-dehibe.*

- ***Mijoro*** *dia manampy ireo ankohonana an-tanan-dehibe marefo, amin'ny alalan'ny vatsy ara-bola tsy misy fepetra sy tantsoroka* ***mampivoatra ny maha olona****. Ny fandaharanasa dia natao ho an'ireo ankohonana marefo manan-janaka kely sy ireo tsy manana hery enti-miasa.*
- ***Milofo*** *dia sahanasa santatra ahitana* ***asa ho an'ny tombotsoan'ny mpiara-belona*** *sy* ***fampiatiana ara-pamokarana****. Manome fahafahana ireo ankohonana sahirana mba hanana loharanombola fanampiny sy* ***hampiroborobo seha-pihariana maharitra****.*

*Ny Haraton'aina an-tanan-dehibe, noho ireo* ***hetsika fampivoarana*** *na tantsoroka, dia manamora ny fahafahan'ireo ankohonana « mpisitraka mandray andraikitra » mahazo ireo tolotra marolafy sy mirotsaka amin'ny seha-pihariana samihafa izay* ***mampivoatra ny fari-piainany amin'ny fomba maharitra****.*




" Grâce aux formations que nous avons reçues, nous préparons nous-mêmes notre charbon.  Non seulement nous faisons des économies mais nous pouvons le commercialiser et élargir nos sources de revenus. "

*“ Nahazo fiofanana momba ny fanamboarana saribao izahay. Tsy vitan’ny hoe mihena ny fandaniana ao an-trano fa afaka mivarotra ihany koa izahay ka mitombo ny fidiram-bola. "*

**Vololonirina Marie Sylvie, bénéficiaire de *Milofo*,**

**Fokontany Soanierana, Antananarivo Renivohitra**




" J’ai pu acquérir un ensemble de soutien et de savoir-faire pour développer mes activités génératrices de revenus.
Je viens d’investir dans l’élevage de poules et de porc. "

*“ Nahazo fanohanana sy fahaiza-manao aho hampivelarana ny asa fitadiavam-bola izay ataoko. Mampiasa vola amin’ny fiompiana akoho sy kisoa izao izahay. "*

**Marie Louise, mère de famille, Bénéficiaire de *Mijoro*, Ambodihady, Antananarivo**




" Avec ces inondations, notre fokontany à Anosivavaka a été dévasté. Je suis lavandière et nous n’avons pas de travail en ce moment. *Asa vonjy voina* nous aide vraiment pour nos dépenses. "

*“ Traboina tanteraka ny fokontany misy anay eto Anosivavaka noho ity tondradrano ity. Tena manampy anay amin’izay mety ho fandaniana ity asa ity amin’izao satria tsy an’asa izahay. "*

**Holinirina, bénéficiaire de *Asa Vonjy Voina*, Anosivavaka**




# Les activités de réponse aux crises

## *Ireo asa vonjy voina*

***Asa Vonjy Voina*** est un programme de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité.

Les activités répondent à un **large éventail de situations** d'urgence (catastrophes naturelles, crise sanitaire). Elles soutiennent le **relèvement rapide des communautés vulnérables** dans les zones urbaines et rurales affectées.

Le programme de réponses aux crises comprend :

- les **activités Argent Contre Travail en haute intensité de main d'œuvre** (ACT-HIMO) ;
- les **transferts monétaires non conditionnels** ;
- et la **réhabilitation/recons-truction post-catastrophes** des infrastructures sociales de base endommagées.

Les interventions sont menées sous la saisine opérationnelle du Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes (BNGRC).

***Asa Vonjy Voina*** *dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa Haraton'aina.*

*Ireo sahanasa dia* ***mamaly karazana tranga vokatry ny hamehana*** *(loza voajanahary, krizy ara-pahasalamana). Izy ireo dia manampy amin'ny* ***fanarenana haingana ireo vondrom-piarahamonina marefo*** *amin'ireo faritra an-drenivohitra sy ambanivohitra voakasika.*

*Ny fandaharanasa natao hiarenana amin'ny voina dia ahitana :*

- *ny* ***asa tanamaro sandaina vola*** *;*
- *ny* ***vatsy ara-bola tsy misy fepetra*** *;*
- *ary ny* ***fanarenana na fanorenana ireo fotodrafitrasa fototra*** *voakasiky ny loza.*

*Ireo sahanasa dia tanterahina eo ambany fandidian'ny Birao nasionaly misahana ny loza sy ny tandindin-doza (BNGRC).*

**325.653**

ménages bénéficiaires des activités post-crises de 2016 à 2022 dont :

**127.300** ménages bénéficiaires des **Transferts Monétaires Non Conditionnels de la Protection Sociale Réactive aux Chocs** (TMNC PSRC)

**162.053** ménages bénéficiaires des **Transferts Monétaires Non Conditionnels post-catastrophes** (TMNC)

**36.300** ménages bénéficiaires des activités **Argent Contre Travail** ( ACT)

**7.818**

**infrastructures sociales de base réhabilitées et reconstruites** depuis 1993 : écoles, centres de santé de base, adductions d'eau potable, pistes et ouvrages, marchés

**4.105**

chantiers Argent Contre Travail (ACT) réalisés depuis 2013





***Projet d'Appui à l'Education de Base (PAEB)***

**Sylvie, enseignante à l'EPP Sahamena,**

Pour cette année scolaire, nous avons atteint un taux de réussite de 76% pour l'examen du CEPE. C'est une victoire pour nous en comparaison aux 15% auparavant. Les nouvelles salles de classe ont contribué à cette réussite. "

*" Ho an'ity taom-pianarana ity dia nahatratra 76% ny taham-pahombiazana ho an'ny fanadinana CEPE. Fandresena ho anay izany raha oharina tamin'ny 15% teo aloha. Nanampy ireo ankizy ny fitomboan'ny efitra fianarana. "*



Sitraka Randrianjatovonarivo


Manda Andriamampianina / FID

# Les actions de développement appelées « mesures d’accompagnement »

Au cœur des programmes de protection sociale, les mesures d’accompagnement sont des actions de développement qui permettent aux ménages bénéficiaires de **renforcer** leur **autonomie** et d’**améliorer durablement leurs conditions de vie**.

Les acteur-bénéficiaires sont encouragés à **s’occuper du bien-être de leur famille**, à mieux gérer leurs ressources, à s’engager dans des **activités économiques durables** et à **s’épanouir socialement**.

Les actions de développement soutiennent les ménages acteur-bénéficiaires à **préserver le capital humain** par la promotion du bien-être familial : santé, hygiène, nutrition, éducation, planification familiale, petite enfance, autonomisation des femmes, alphabétisation des adultes, développement personnel.

Les actions de développement **favorisent** également l’**inclusion économique** des ménages acteur-bénéficiaires pour qu’ils soient plus autonomes. Ils apprennent à améliorer leur capacité de production, à travers des formations techniques. Ils sont également sensibilisés à mieux gérer leurs finances et à développer des activités génératrices de revenus plus pérennes, notamment par le biais des Associations Villageoises d’Epargne et de Crédit (AVEC).

**80%**
**des femmes bénéficiaires** sont **devenues plus responsables** au niveau de leur foyer et de la communauté

**92%**
**des acteurs-bénéficiaires** ont adopté les **pratiques positives pour le bien-être** familial

**60%**
**des bénéficiaires** ont adopté des **pratiques agricoles plus productives** et **plus durables**

## *Ireo hetsika fampivoarana na “ tantsoroka “*

*Eo anivon’ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona, ny tantsoroka dia hetsika fampivoarana hitaritana ireo « mpisitraka mandray andraikitra » mba **hahavitatena sy hanatsara amin’ny fomba maharitra ny fari-piainany.***

*Entanina ireo « mpisitraka mandray andraikitra » ho amin’ny **fanatsarana ny fiainan-tokantranony**, **hahay hitantana ny fananany**, hiroso amin’ny **asa fivelomana maharitra** sy **hivelatra eo amin’ny fiarahamonina**.*

*Ireo hetsika fampivoarana dia manampy ireo ankohonana « mpisitraka mandray andraikitra » **hitandro ny fototra maha olona** : fahasalamana, fahadiovana, fanjarian-tsakafo, fanabeazana, fandrindram-piterahana, fitaizana zaza madinika, fahavitan-tenan’ny vehivavy, fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy ho an’ny olon-dehibe, fampivoarana ny maha izy ny tena.*

*Ireo hetsika fampivoarana dia **manohana** ihany koa ny **fiatiana ara-toekarena**n’ireo « mpisitraka mandray andraikitra » mba hirosoan’izy ireo amin’ny fahavitan-tena. Mianatra manatsara ny famokarana amin’ny alalan’ny fiofanana ara-teknika izy ireo. Entanina koa izy ireo hahay hitantam-bola ary hampiroborobo « asa mampidi-bola maharitra » amin’ny alalan’ireo VOAMAMI.*


Sitraka Randrianjatovonarivo / FID

**340**
**crèches mobiles**
ont été créées

**1.386**
**Associations Villageoises d’Epargne et de Crédit (AVEC) opérationnalisées**

**90%**
des acteur-bénéficiaires ont **investi dans des activités génératrices de revenus**

**12.500**
**mères-leaders**
ont été formées

**40.512**
**ménages bénéficiaires**
ont intégré les AVEC et adoptent de **meilleures pratiques financières**

**1.464**
**espaces physiques** accueillant les espaces de bien-être ont été mises en place





Sitraka Randrianjatovonarivo / FID

**44.000**
**adultes**
ont acquis leur **CIN**
depuis 2019

**8.538**
**membres**
des Comités de protection sociale (CPS)

**277.000**
**demandes d'assistance** (y compris les plaintes) reçues dont 99% traitées depuis 2014

**781**
**séances de Suivi-évaluation communautaire (SEC)** réalisées depuis 2020

**26.000**
**enfants**
ont obtenu leur **copie d'acte de naissance** depuis 2019



# La gouvernance citoyenne
## *Ny fijoroana ho olom-pirenena*

Le principe de gouvernance citoyenne s'applique aux programmes de protection sociale mis en œuvre par le FID.

Il s'agit de l'**inclusion de chaque individu dans la conduite des affaires publiques** à travers un ensemble de mécanismes : **assistance & conseils**, **suivi-évaluation communautaire**. Tous les acteurs, gouvernés ou gouvernants, sont invités à y participer activement avec une attitude positive citoyenne.

La gouvernance citoyenne permet de **créer des liens de confiance au sein des communautés** et à engager la citoyenneté. Elle repose sur la **transparence**, la **redevabilité**, l'**engagement citoyen** et la **participation citoyenne.**

*Ny fijoroana ho olom-pirenena dia ampiarina ao anatin'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID.*

*Izy io dia **mampandray andraikitra ny tsirairay eo amin'ny fitantanana ny raharaha ho an'ny tombotsoan'ny daholobe** noho ireo rafitra samihafa : **filankevitra, fanarahana sy fanombanana ataon'ny vondrom-piarahamonina.** Asaina ireo mpiantsehatra rehetra, na ny tantanana na ny mpitantana, handray anjara mavitrika amin'izany miaraka amin'ny fihetsika mampiseho ny maha olom-pirenena.*

*Ny fijoroana ho olom-pirenena dia **miteraka fifampitokisana sy fandraisan'andraikitra eo anivon'ny mpiara-monina**. Miankina amin'ny **fanaovana adidy** sy **fandraisana andraikitra** eo amin'ny fiarahamonina, ny **mangarahara** ary ny **tamberin'andraikitra** izany.*

## La gestion environnementale et sociale
## *Ny fitantanana ara-tontolo iainana sy ara-piarahamonina*

La gestion environnementale et sociale **gère les risques ou potentiels impacts environnementaux et sociaux des programmes** de protection sociale mis en œuvre par le FID.

Les actions de gestion environnementale et sociale préservent la **santé.** Elles encouragent l'**inclusion sociale** et l'**intégration de la dimension genre** dans la mise en œuvre des programmes. Elles favorisent la **sécurité** des travailleurs et de la communauté concernés par les programmes. Elles promeuvent la **gestion durable des ressources naturelles** par la conservation de la biodiversité et la gestion de la pollution.

*Ny fitantanana ara-tontolo iainana sy ara-piarahamonina dia **mitsinjo ireo tandindon-doza sy mety ho fiatraikan'ireo fandaharanasa** fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID amin'ny tontolo iainana sy ny fiarahamonina.*

*Ireo hetsika fitantanana ara-tontolo iainana sy ara-piarahamonina dia mitandro ny **fahasalamana**. Izy ireo dia manohana ihany koa ny **fiatiana ara-tsosialy** sy ny **fiheverana ny resaka mira lenta** eo amin'ny fanatanterahana ireo fandaharanasa. Mitandro ny **filaminana**n'ireo olona miasa sy ireo vondrom-piarahamonina voakasiky ny fandaharanasa ihany koa ireo hetsika ; ary mampiroborobo ny **fitantanana maharitra ireo harena voajanahary** amin'ny fitandroana ny zava-mananaina sy ny fitandroana ny loto.*




**76.095**
bénéficiaires sont **vaccinés contre la Covid-19** depuis janvier 2022

**20.750**
ménages bénéficiaires **collectent l'eau de pluie** depuis 2019

**14.000**
ménages ont adopté des **foyers / charbons améliorés** depuis 2020

**6.800**
**contrats fonciers élaborés** depuis 2020

**80%**
des **acteur-bénéficiaires** des programmes sont des **femmes**



# La mise en place d'infrastructures
## *Asa fanorenana fotodrafitrasa fototra*


© FID

Le FID reste actif dans la mise en place d'infrastructures sociales de base.

Dans le cadre du **Projet d'Appui à l'Education de Base** (PAEB), un projet du Gouvernement malagasy, les communautés FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony) sont accompagnées à **mettre en place des infrastructures scolaires.**

L'approche de **gestion communautaire** implique et responsabilise les communautés dans la construction des infrastructures scolaires pour différentes activités (gestion financière, gestion de passation de marchés, ...).

Le projet permet de **renforcer les capacités et les compétences des communautés** dans la construction, l'entretien et la gestion des constructions scolaires.

*Ny FID dia mbola manatanteraka asa fanorenana fotodrafitrasa fototra.*

*Ao anatin'ny tetikasa fanohanana ny fanabeazana fototra, izay tetikasan'ny Governemanta malagasy, dia omena tantsoroka ireo vondrom-piarahamonina FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony)* ***hanorina fotodrafitrasam-pampianarana.***

*Ny «* ***fitantanan'ny vondrom-piarahamonina*** *» dia mampandray andraikitra azy ireo amin'ny sahanasa samihafa amin'ny fanorenana fotodrafitrasam-pampianarana (fitantanana ara-bola, fitantanana ny fanomezana ny tsena, ...)*

*Ny tetikasa dia* ***manatevina ny fahafahana sy ny fahalalan'ireo vondrom-piarahamonina*** *amin'ny fanorenana sy ny fikolokoloina ary ny fitantanana ireo tranon-tsekoly.*

**20**
sites par CISCO dans 10 districts

**104**
**écoles**, à **2** salles de classe avec latrines à **3** box et urinoirs, construites depuis 2019

**345.757**
**personnes** membres des communautés FEFFI

**5.200**
**tables bancs** et **208** tables et chaises du maître fournis depuis 2019



© FID - Janvier 2023